# EKEKO RE

1. Raha sendra mahory aho ry Tompo, tsy hiala Aminao na oviana
Hanaraka anao no fifaliako na ho mafy ny fijaliana,
Mino aho, Tompo o, fa Ianao no mandahatra
Izay rehetra miseho amin'ny fiainako, ekeko re.

Fiverenana :
Mahery fa manana Anao aho, Tompo o
Ianao mampiononana ahy raha sendra manjo
Zavatra tokana ihany no iriko eto an-tany
Hiara-mitoetra aminao any an-danitra any
Ekeko re, ry Tompo, ny fitondranao, ekeko re.

2. Raha mila ho kivy aho, ry Tompo o, ka mihemotra mandao Anao
Ampahatanjaho ny finoako, satria Ianao no mpiahy
Mino aho Tompo o, fa Ianao no mandahatra
Izay rehetra miseho amin'ny fiainako, ekeko re.
(Antoko mpihira Akon'ny lanitra Fort-Dauphin)